Lalaon'ny Nosy 2
**Ho main'ny afo Olympika ny 6èm Dan**

Kandida filohampirenena 2
**Lalaina Ratsirahonana natolotry ny Fihavanantsika**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)


Fifidianana eto Madagasikara 3
**Manitatra ny tohana omeny amin'ny fanabeazana sy fanentanana i Etazonia**


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Alakamisy 17 aogositra 2023 Laharana 1462 Vidiny : 600 Ar


Boky tantaram-piainan'ny filoha Ravalomanana 2

## Ilàna fahatoniana sy finoana ny ady amin'ny fahantrana

Andro iraisam-pirenen'ny tanora. Morondava 3

## Tsy noraharahian'ny governemanta ireo tanora 2000 mahery





Miala Rajoelina 2

## Feno lesoka avokoa ny sehatra rehetra eto amin'ny firenena

**J - 23**

Lalaon'ny Nosy 3

## Be ny fampanantenana tsy tanteraky ny fitondrana Rajoelina




Fakon'Antananarivo 6
**Toa atao fampielezan-kevitra alohan'ny fotoana**

Delegasiona hiatrika ny Lalaon'ny Nosy 5
**Be noho ny Malagasy ny Maorisiana sy Renioney**

Daka kely

**Manondrana avokoa ny akohovavin'ialahy ry Boaikely a !**

BOKY TANTARAM-PIAINAN'NY FILOHA RAVALOMANANA

# Ilàna fahatoniana sy finoana ny ady amin'ny fahantrana

Nivoaka ny boky mirakitra ny tantaram-piainan'ny filoha Marc Ravalomanana, izay noraisina nandritra ny fikaonandoha: Colloque fanaon'ny faculté de Théologie isan-taona ny 21 febroary 2023 teo. "Ady amin'ny fahantrana sy ny olona maharesy ny fahantrana", no lohahevitra niompanany tamin'ity taona 2023 ity . Nandritra io fikaonandoha io aho hoy ny mpitandrina Andriamasinoro Fidimalala, mpampianatra ao amin'ny Faculté de Théologie dia nanapakevitra, fa ho raisiko antsoratra sy feo ny velankevitra nataon'ny filoha Marc Ravalomanana, satria nanaitra ahy ny fanambaràna nataony tamin'izany. Amin'ny lafiny iray hoy izy dia nisafidy ny hahantra ny Malagasy amin'izao fotoana izao , satria olona nampahantra azy no nofidiany . Nifanojo ny eritreritray ary tsy tongatonga ho azy ny nandraisako naoty ny velankevitry ny filoha Marc Ravalomanana, satria ny ampitson'io aho dia nantsoiny mikasika ny fanirany raha azo atao ny manao io velankevitra io ho boky, mba ho zaraina amin'ny mpiara-miasa amin'ny fiangonana. Tantara sy sedra nahazo ny filoha Marc Ravalomanana sy ny fianakaviany, nanomboka tamin'ny fahakelezany sy hatramin' izao fotoana izao no hita amin'ity boky ity . Misongadina amin'izany ny nambarany, fa "ny ady amin'ny fahantrana dia ilàna fahatoniana sy finoana . Rehefa avy nandalina fahalalàna 7 taona tany Suède izy dia nody teto an-tanindrazana . Isan'ny nentiny nampiroborobo ny orin'asa TIKO ny fianarana nataony tamin'izany ary tena niroborobo tokoa. Tonga anefa ny 2009, nodorana sy norobaina ny orinasa, nampalahelo izany hoy izy kanefa tsy dia nahataitra firy ahy satria tsy azo atao am-po tanteraka ny harena fa mamono raha apetraka ao am-po . Mila fitoniana ny fiatrehana ny sedrampiainana rehefa miady amin'ny fahantrana ary efa niainanay izany hoy izy tamin'ny fitsapana sy zava-tsarotra nolalovanay . Efa miparitaka ity boky misy ny tantaram-piainan'ny filoha Marc Ravalomanana ity, ka ao amin' ny QG Bel'Air Ampandrana no ahitana azy amin'ny vidiny 2000 Ariary .




Ny filoha Marc Ravalomanana.

**Helisoa**

Lalaon'ny Nosy

# Ho main'ny afo Olympika ny 6èm Dan

Ny sabotsy 12 Aogositra 2023 no nigadona tao Antsiranana ny afo olympika , tonga tany antoerana nitsena izany Ingahy Filoha Rajoelina, izy rahateo moa no anisan'ny athleta malaza eto amin' ny tanàna, satria tsy ela akory izay vao nampiakarina tamin'ny laharana " Tepany mainty , 6 èm Dan " teo amin'ny taranja Karate Do izy , izay marihina fa tsy niatrika ady akory izy tamin'izany, fa nanao itony antsoina hoe "Kata" itony fotsiny .
Ny tenan'Ingahy Filoha sy i Sidonie Fiadanantsoa, ilay nahazo ny medaly volamena teo amin'ny hazakazaka 100 metatra misy fefy , tamin'ny "lalaon'ny frankofonia" tany Kinshasha, no niaraka nandrehitra ny afo olympika, ireo athleta samy sangany e.
Nanambara Ingahy Filoha fa matoa tonga eto Madagasikara hoy izy ny afo olympika dia midika izany, fa raikitra ny" Lalaon'ny Nosy aty amin'ny Ranomasimbe Indiana , isika malagasy no mpampiantrano , ho entina mitety ireo renivohiparitany ny afo ka ny Alakamisy 23 Aogositra no ho tonga eto Antananarivo ny afo , nohamafisin'Ingahy Filoha sady 6 èm Dan, fa ny afo mirehitra dia mitory firaisankina sy fandresena ho antsika malagasy.
Ankoatran' izay, nambaran'Ingahy Filoha fa mbola misy heviny maro ny afo olympika, izay tsy tokony ho hadinoina fa ny lalaon'ny nosy dia azo sokajiana ho lalao olympikam-paritra, ka ny afo olympika dia manambara fa lalao madio tsy misy fitsarana miangatra, fa manaraka ny fitsipi-dalao nifanarahana no hatao eto, mitovy zo ny mpifaninana rehetra ary tanterahina ao anatin'ny fifanajana sy ny fifankatiavana sy ny fahamarinana ny lalao manontolo.
Ny Alakamisy 23 Aogositra 2023 hahatongavan'ny afo olympika eto Antananarivo, no misokatra ny fametrahana ny filatsahan-kofidina amin'ny fifidianana izay ho filohampirenena mandritra ny dimy taona ho avy.
Koa antenaina fa hahazo lesona amin'ny hevitry ny afo olympika Ingahy Filoha 6 èm Dan, ka hanomboka izao dia hanjaka amin'ny fifidianana ny fahamarinana, tsy hitanila na hanao mpitsara miangatra toy ny tamin'ny dimy taona lasa ny " Ceni" sy ny "Hcc", halalaka toy ny amin'ny lalaon'nosy ka tsy hisy intsony ny sakantsakana eo amin'ny famoriambahoaka mihàtra amin' izay kandida atahoran'ny mpitondra ankehitriny, ka ny olompirenena dia afaka hihoby amin-kahalalahana izay ankasitrahany toy ny amin'ny lalaon'ny nosy.
Raha dinihina maimaika dia mahakely finoana ihany raha Ingahy Filoha no hiala amin'ny fomba nahazatra azy sy efa nahombiazany, ary azo lazaina hoe sarotra ny hanantena fa hanaja ny hevitry ny afo olympika Ingahy 6 èm Dan, satria ny lalampanorenana izay izy no nampifidy azy aza, hitsakitsahany arak'izay mahadiavolana ny fony.
Fa manampetra koa ny fizahozahoana sy ny fireharehana, satria na ireo mpitandro filaminana sasantsasany izay miaro anjambany an'Ingahy Filoha Rajoelina sy ireo mpitsara vitsivitsy minia mikimpy amin'ny fanafenana ny tena marina aza dia azo eritreretina ho tonga saina amin'izay, ka hahay haka lesona amin'ny hevitry ny afo olympika.
Afaka 23 andro raha mbola hilatsaka Ingahy Filoha 6 èm Dan dia tsy maintsy hametra-pialana izy, satria tsy maintsy hitady hirika ny "Hcc" hankatoa ny firotsahany na dia efa vazaha aza izy, ka raha mbola tsy hiova fa hikiribiby amin'ny didy jadona nahazatra azy hatramin' izay Ingahy Filoha 6 èm Dan, dia ho may ny afo olympika natsangany tany Antsiranana .



**Ny Valosoa**

Kandida filohampirenena

# Lalaina Ratsirahonana natolotry ny antoko Fihavanantsika

Nitombo isa indray ireo kandida vonona hirotsaka ho fidiana filohampirenena, izay hatao amin'ny 9 novambra ho avy izao . Nanolotra ny kandida ho amin'izany ny antoko FIHAVANANTSIKA, nanolotra an'Andriamatoa Harilanto Lalaina Ratsirahonana filohan'ny fikambanana An'i Kristy izay zanaka faralahin'Andriamatoa Norbert Lala Ratsirahonana. Nambaran'ity kandida ity, fa nahazo tsodrano tamin'ny dadany ny tenany, saingy kosa tsy nilatsaka amin'ny alalan' ny antoko Avi izay tantaniny. Malalaka hoy izy ny safidin'ny mpikambana ao amin'ny antoko Avi amin' ny fanohanana azy na tsia. Ity antoko Fihavanantsika ity hoy ny kandida Lalaina Ratsirahonana dia manana kolontsaina sy soatoavina kristiana mandala ny fahamarinana sy ny fahatahorana an' Andriamanitra. Ny fanarenana ny firenena, izay ao anatin'ny fahasahiranana sy fahantrana lalina, vokatry ny krizy ara-tsosialy sy politika nifanesy niainan'ny vahoaka Malagasy nandritra ny 63 taona, ka ao anatin' ny fahendrena sy ny fahamarinana ary ny fahatahorana an'Andriamanitra no tanjona ijoroan'ny antoko Fiahavanantsika, izay noforonin' ny Pasitera Daniel Rajakoba, amin'ity fifidianana izay ho filohampirenena amin'ity taona 2023 ity, ka anolorany an'i Harilanto Lalaina Ratsirahonana ho kandida .

**Helisoa**


Ny kandidà ho filohampirenena Lalaina Ratsirahonana.

## Ny Valosoa sy fakafaka

Miala Rajoelina

# Feno lesoka avokoa ny sehatra rehetra eto amin'ny firenena

Zary misy lesoka avokoa ny raharaha ataon'ny fitondrana Rajoelina rehetra tato ho ato. Eo ny fanomanana ny fifidianana izay ahitana lesoka toy ny lisi-pifidianana izay nanomboka tany amin'ny fanisana ny mpifidy isan-tokantrano, ny mpikambana eo anivon'ny Ceni sy ny Hcc, izay tokony hisy fanamboarana araka ny avy amin'ny fanoherana, ny fanaovana mizana tsindrian'ila sy fiangarana toy ny antoko miara-dia amin'ny fitondrana afaka mamory vahoaka eny ankalamanjana izay manao endrika fampielezan-kevitra mialoha ny fotoana sy ireo antoko mpanohitra voarara tsy hanao izany, sns... Soa ihany fa efa 23 andro: J- 23 sisa no ijanonan'ny filoha Andry Rajoelina eo amin'ny fitondrana dia hametra-pialana izy, raha hirotsaka hofidiana ihany amin'ny fifidianana ny 9 novambra sy ny 20 desambra ho avy izao, raha hisy ny fihodinana faha-2. Minia mikimpy ny fitondrana, ny Fitsarana Avo mom-ba ny Lalampanorenana manoloana izany, sy ireo fandikan-dalàna maro samihafa ataon'ny fitondrana. Lesoka lehibe avela fotsiny handeha amin'izao izany. Niaraha-nahita teo ny fizotry ny fanadinam-panjakana bakalôrea izay nahitana lesoka lehibe ihany koa. Tsy rariny ny zava-nihàtra tamin'ireo mpiadina, indrindra tamin'ny fiatrehana ny taranja tantara-jeografia. Zary toa tsy voakitikitika ny minisitry ny fampianarana ambony sy ireo mpiara-miàsa akaiky aminy, nefa izy ireo no tomponandraikitra voalohany amin'ny hahatsara na haharatsy ny fizotry ny fanadinam-panjakana toy ireny. Zary amboamboarina ny fitsarana ny fanadinana bakalôrea teo, ka mametrapanontaniana ihany ny amin'izay ho lanjan'ny diplôma ho azon'izay afa-panadinana. Toa atao kitoatoa ny hoavin'ireo zana-bahoaka. Lesoka lehibe ihany koa iny ary tsy tokony havela handeha fotsiny amin'izao, eny na dia nisy aza ireo nosamborina sy nampidirina am-ponja. Misy amin'ireo anefa no tsy manan-tsiny, fa dia natao anaty kitapo fonosana iray avokoa izy rehetra. Misy koa anefa ireo tsy nokitihina fa navela hangatsiatsiaka amin'izao fotsiny na dia tomponandraikitra voalohany aza. Fiangarana izany ary lesoka lehibe eo amin'ny tontolon'ny fampianarana. Iaraha-mahita sy mandre tsara ihany koa izao ny zava-misy sy mitranga eo amin'ny fanomanana ny fandraisana ny Lalaon'ny Nosy sy ny fikarakarana ny athleta malagasy. Misy ny lesoka lehibe eo amin'ny fampiantranoana ity lalao iraisam-pirenena aty amin' ny ranomasimbe Indiana ity na dia misy aza ny fikoropahana amin'ny famitàna ny fotodrafitrasa samihafa, na ihany koa ny fanamboaran-dalana. Amin'ity raharaha farany ity, dia tsikaritra eny amin'ny fiainana andavanandron'ny sarambabem-bahoaka ny tsy firaikan'ny olom-pirenena. Tsy nisy mpitehaka, fa ny nivoaka ny vavan'ny sasany dia hoe fihatsarambelatsihy io, tsy nanao an'io lalana io ve raha tsy nisy ny Lalaon'ny Nosy? Efa ela ihany mantsy izay fotoana nahapotehana sy nahasimban'ny lalana teto an-drenivohitra izay ary saika ny lalambe rehetra no misy avokoa izany fahasimbana izany, hany ka toy izany no fiheveran'ny vahoaka azy. Lesoka lehibe izany rehetra izany. Santionany ihany ireo, fa saiky ny sehatra rehetra dia ahitana izay lesoka izay avokoa ary mamamarika ity fitondrana Rajoelina ity izany.

**Sôh'son**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Lalaon'ny Nosy

# Be ny fampanantenana tsy tanteraky ny fitondrana Rajoelina

Afaka herinandro mahery kely dia tokony hanomboka ny Lalaon'ny Nosy ato anatin'ny Ranomasimbe Indiana. Tamin'ny herinandro lasa anefa dia nitaraina ireo Federasion'ny taranja amam-polony, fa tsy mandeha amin'ny laoniny ny fikarakarana eo amin'ny lafiny rehetra ary raha ny fantatra dia nisy ireo athleta efa niala an-daharana noho izany. Ny minisitry ny Fanatanjahantena sy ny Tanora dia nilaza fa efa tomombana valo ambisivifolo isanjato (98%) ny fikarakarana ny fandraisana ity Lalaon'ny Nosy ity. Araka ny vaovao malaza sady matoan-dahatsoratry ny gazety mpomba ny fitondrana nivoaka omaly ny fahatongavan'ilay "Afo Olympika" any Antsiranana, avy eo tany Mahajanga. Heverina fa rariny sy hitsiny raha faly ny mponina nandray izany, satria tsy fahita firy toy ny afomanga. Efa nanambara ny filohan'ny Repoblika Rajoelina Andry Nirina ny hampitsaharana ny fanenjehana momba ity Lalaon'ny Nosy ity. Tsy midika velively ny fahatongavan'ny afo, fa efa tsy misy olana intsony eo amin'ny lafiny rehetra satria efa manana olana ihany koa ireo mpandraharaha eo amin' ny hotely fandraisam-bahiny izay noterena handray ny athleta vahiny kanefa tsy mazava loatra ny fifanarahan'izy ireo amin'ny mpitondra, na ny minisitera ny momba izany. Tsiahivina anefa fa betsaka ireo velirano-dRajoelina Andry Nirina momba ity Lalaon'ny Nosy ity, ka anisan'izany ny dobo filomanosana olympika any Toliara, ny fanorenana tanàna vaovao toy ny "Village des Jeux" eny Ankorondrano naorina tamin' ny fotoanandrony. Tsiahivina ihany koa fa tamin'ny Lalaon'ny Nosy ny taona 2007 , natao teto Madagasikara, dia ny taranja tsirairay dia nanana "coach" ka minisitra no notendrena tamin'izany andraikitra izany. Avy niatrika ny lalao nifanandrinan'ny mpiasan'ny minisitera isan-tokony tany Toamasina ny ministra rehetra kanefa tsy hita beny ihany ireo ministra "coach" isa-taranja. Hitodika aty Madagasikara indray ny mason'izao tontolo izao amin'ity indray mitoraka ity, ka mba tsy hitsanga-menatra anie ny Malagasy satria raha ny fahitana azy dia kivikivy ny athleta na dia faly sy nitotorebika aza ny olontsotra nandray ny afo. Mbola hitety ny Renivohi-paritany hafa ny Afo Olympika mialohan'ny hahatongavany eto an-drenivohitra. Etsy an-kilany dia araraotin'ny filohan'ny Repoblika nanaovana fampielezan-kevitra ny tranga toy izao, satria dia akanjo miloko loranjy no nanaovany rehefa nandray ny afo izy tany Antsiranana. Tsy mahagaga loatra izany saria na ny rambon'ny varika eo amin'ny sary famantarana ny Lalaon'ny Nosy aza dia misy faritra miloko loranjy ary raha azo natao dia nasiana lokon-doranjy koa ny hira fanevan'ny Lalao. Tsy miafina ihany koa ny eo amin'ny serasera mamirapiratra sy manintona ny maso kanefa tsy ny mamirapiratra no tokony hanaitra, satria mandalo ihany izany. Mandeha ihany koa ny fizarana "Vatsy Tsinjo", ary tsy toy ny tamin'ny lasa izay vary nilanja dimy kilao isam-pianakaviana no nozaraina fa iray gony dimy ambiroapaolo kilao. Tsy mazava anefa hoe inona no anton'ny fizarana satria tsy misy loza voajanahary nandalo, fa ny delestazy no mampikaikaika ny vahoaka ary tsy vao izao no nihinana ny tsy fihinany ny vahoaka Malagasy, fa efa ho dimy taona izao. 23 andro sisa tavela ho an-dRajoelina Andry Nirina, aorian'ny fifaranan' ny Lalaon'ny Nosy, ary mialohan'ny fametraham-pialany, raha mbola mikiry hirotsaka kandidà ho filohampirenena izy, koa azo heverina fa ny zavatra toy itony no hangalany ny fon'ny vahoaka ka hangataka azy hilatsaka na hiaro azy raha tsy eken'ny Malagasy intsony izany. Tsy tokony ho hadinoina anefa fa nanantena ny vahoakan'i Toliara fa any no hiadiana ny tompondaka amin'ny taranja lomano kanefa eto andrenivohitra no hanaovana izany, ka ho diso fanantenana koa Rajoelina Andry Nirina raha hitavandra ny any amin'ny fifidianana. Tsy ny patsa indray mahandro no hanala ny fahasahiranan'ny vahoaka efa mihàtra aman-taolana, ary akoho tsy naneno toy izay efa lanin'ny kary. Izao fitondrana izao no nampahantra ny Malagasy ary tsy izao fitondrana izao no manana vina hampandroso ny Firenena sy hampivoatra ny fiainan'ny Malagasy, koa hoy ny Fahendrena Malagasy: ny tenain-doza leo ihany, fa ny iantsapazandoza no tsy toha".

***Andry Tsiavalona***

---

**FIFIDIANANA ETO MADAGASIKARA**

# Manitatra ny tohana omeny amin'ny fanabeazana sy fanentanana i Etazonia

Manitatra ny tohana omeny amin'ny fanabeazana sy fanentanana i Etazonia momba ny fifidianana hatao eto amintsika. Nanambara tohana ara-bola mitentina 900.000 dolara amereikana hanampiana amin'ny fikarakarana fifidianana malalaka, madio, mangarahara sy eken'ny rehetra ny governemanta amerikana ny herinandro teo. Io sorabola io dia natao hanamafisana ny fampandraisana anjara ireo mpifidy, hanabeazana ireo mpifidy, ary hanohanana ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana (CENI).

"Mahafaly ahy androany ny manambara, fa i Etazonia dia vonona hanohy ireo tohana efa nomenay ho amin'ny fanabeazana sy fanentanana mikasika ny fifidianana eto Madagasikara", hoy ny Ambasadaoro Amerikana Claire A. Pierangelo nandritra ny fanambarana natao tao amin'ny foiben'ny CENI. "Vokatry ny fiaraha-miasa amin'ny Kongresy, Etazonia dia mikasa hanome tohana ara-bola mitentina 400.000 dolara hanohanana ny fiarahamonim-pirenena Malagasy hanatanteraka hetsika fanabeazana olom-pirenena."

Teo anilan'ny Filohan'ny CENI Arsène A. Dama sy ny Solontena Maharitry ny Fandaharanasan'ny Firenena Mikambana misahana ny Fampandrosoana (PNUD) Natasha van Rijn, no nanambaran'ny Ambasadaoro Pierangelo ny tohana ara-bola fanampiny hanohanana ny governemanta Malagasy sy ny CENI, amin'ny fanatanterahana fifidianana handraisan'ny rehetra anjara no sady maneho ny hetahetan'ny vahoaka Malagasy.

"Ankoatra izay, vonona ny handrotsaka sorabola 500.000 dolara ao amin' ny tahirimbola iraisana na Basket Fund tantanan'ny PNUD i Etazonia, mba hanohanana fifidianana malalaka sy marina eto Madagasikara", hoy hatrany izy. "Ireo fanampiana ara-bola ireo dia hanamora ny fampandraisana anjara ny rehetra anatin'ny zotram-pifidianana, hiantoka ny fahavononan'ny CENI hanomana ny fifidianana, hanohana-na ny fampiofanana ireo izay hikirakira ny fifidianana, ary hanamafisana ny fanentanana eny anivon' ny fiaraha-monina manerana an'i Madagasikara."

Ny taona 2022 ny governemanta amerikana dia nahazo vola mitentina 1,3 tapitrisa dolara avy amin' ny vahoaka amerikana, mba hanohanana fifidianana malalaka sy madio eto Madagasikara amin' ny alalan'ny tetikasa "Ndao Hifidy" izay tanterahan'ny Foibe misahana Fifidianana ho amin'ny Demokrasia Maharitra aty Afrika na EISA. Io tetikasa izay haharitra 18 volana io dia natao hampitomboana ny fahalalan'ny mpifidy mikasika ireo fotokevitra demokratika sy ny zo aman'andraikitry ny mpifidy, ary mikasika ny zotram-pifidianana. Ny tetikasa USAID RINDRA izay maharitra 5 taona kosa, ary natomboka ny taona 2022 ka tantanan' ny PNUD, dia mandray anjara amin'ny fanamafisana ny fahaiza-mitantana, ny fanatsarana ny rafi-pitsarana, ary ny fampandraisana anjara ny olom-pirenena amin'ny fiainam-pirenena eto Madagasikara amin'ny alalan'ny tetibolany mitentina 14 tapitrisa dolara.

Mifampitantana toy ny mpirahalahy mianala amin' ny vahoaka Malagasy ny vahoaka amerikana, mba hanamafisana ny fampanajana ny mangarahara sy ny tamberin'andraikitra, hanohanana ny fandraisana anjaran'ny olompirenena amin'ny zotra demokratika, ary hanatsarana ny tany tan-dalàna.

***Isambilo***

---

Andro iraisam-pirenen'ny tanora. Morondava

# Tsy noraharahian'ny governemanta ireo tanora 2000 mahery

Efa mibaribary tsy takona hafenina intsony izao ny zavamisy ao anatin'ny governemanta Ntsay Christian, fa mitsitokotoko sy samy maka ho azy ireo minisitra satria dia efa haseho eny ankianja fa dia tsy ny tombontsoan'ny firenena sy ny vahoaka mihintsy no manahirana ity fitondrana ity, fa dia ny fampahafantarana ny antoko sy ny kajikajy politika hahazoana toerana no betsaka, satria toy ny tranga nisy tany Morondava faritra Menaba tamin'ny faran'ny herinandro lasa iny dia minisitra roa be izao no nandalo tao Morondava nandritran'ny fankalazana ny andro iraisam-pirenena momban'ny tanora, saingy na dia ny minisitry ny tanora sy ny fanantanjahantena aza tsy nanatrika izany, fa mbola sempotra amin'ny olan'ny lalaon'ny nosy, fa dia nahagaga sy nampalahelo ireo tanora dia tsy mba nanatrika na dia nitsidika ireo mpizaika akory ireo minisitra roa tonga tany an-toerana izay nanolotra fitaovana ny TVM sy RNM Morondava ARY nitokana ny tsangambaton'ny mpanakanto Bivy, fa naleony nandeha nitsangatsangana tany amin'ny allée de baobab, tsy iza izany fa Ramatoa Lalatiana Rakotondrazafy ministiry ny serasera sy kolontsaina sady mpitondra tenin'ny gouvernement, izay notronin'Andriamatoa RAMONJAVELO Valéry, Minisitry ny fitateranana. Tamin'ny hetsika rehetra nataony taty Morondava ; lazaina fa homena sehatra ny tanora nefa dia atao tsinontsinona toy izao ; ny filan-kevitry ny minisitra no nanapaka fa any Morondava no atao ny fankalazana iny andro iraisam-pirenena ho an'ny tanora teto Madagasikara iny! Dia tsy mba misy fandaminana ve ny teo anivon'ny governemanta ? Sa tsy misy hidiran'ny serasera sy kolontsaina ny tanora ? alahelo ny an'ireo tanora roa arivo mahery tonga niatrika ny fankalazana tao Morondava, fa dia adinon'ny fitondrana sy atao tsinontsinona ireo tanora eny fa na dia ny fikarakarana ary dia tsy nisy tomombana ny trano. Mbola anatin'ny fanamboarana no nanaovana ny fampiofanana ary tsy naparitaka mialoha ireo lohahevitra hampiofaninana, ka tsy manan-tsafidy ireo tanora fa nozaraina mba hameno ireo efitrano telo izay nanaovana ny fampiofanana na dia izany dia vita ihany ny fankalazana na dia somary nijaly ireo tanora raha nahavita fialan-tsasatra kosa ireo ekipan'ny minisitera, satria dia hita fa dia ny vady aman-janak'izy ireo no nameno ireo fiaram-panjakana hamitana iraka hikarakara ny hetsika fankalazana ny andro iraisampirenen'ny tanora 2023 iny. Teo koa ny fanaovana tsinontsinona ireo mpanao gazety na ny teo an-toerana na ireo nentina avy any Antananarivo, satria dia tsy nisy fampiantsoana ireo mpanao gazety tao Morondava na dia fampahafantarana ny fandaharam-potoana aza tsy azon'ireo mpanao gazety ; ireo mpanao gazety avy any Antananarivo indray dia nalefa taxi- brousse satria ny fiaran'ny ministera feno ireo vady aman-janak'ireo mpiasa hamita iraka, hany ka tsy nahatratra ny fotoanan'ny fankalazana izy ireo ary mbola sahirana koa tamin'ny fitadiavana ny trano handraisana azy ireo, satria tsy nisy nanomana izany. Ny asa tsy vita ny trano natoriana tsy nisy, ny fiara hodiana koa mbola nanahirana azy ireo, satria tsy maintsy handeha taxi- brousse indray, nefa ny andro efa alina dia tsy hay hoe nanahoana ny niafarany fa tena nampalahelo! Tranga mbola tsy nisy tao anatin'ny 60 taona no nisy satria tao anatin'ny lanonana fankalazana andro isaim-pirenena hatramin'izay, ny hoe mitsangana ireo solon-tenampanajakana dia miara- miala eo amin'ny toerana misy azy, fa handeha hitsena ny minisitra ka navela teo ireo tanora izay niandry fa hoe hisy minisitra hitafa amin'izy ireo, kay moa Minisitra tsy mahalala ny fisian'ireo tanora an'arivony akory, fa tena tsy nasiany maso akory ireo tanora nefa araky ny fanadihadiana dia efa nahazo fanasana ity ministiry ny serasera ity rehefa fantatra herinandro mialoha fa hoavy any Morondava amin'ny fotoana hanaovana ny fankalazana. Tsy sahy nifanatrika tamin'ny mpanao gazety koa ireto minisitra roa ireto na dia niandry fatratra aza ireo mpanao gazety ato Morondava, izay efa herinandro mialoha no efa nampahafantarin'ny talem-paritry ny serasera sy kolontsaina, fa ho avy ramatoa minisitra ary efa nangataka fotoana ny hitafa tamin'ny minisitra ny mpanao gaety, ka halamina ny fotoana hoy ny talem-paritra, saingy indrisy fa vao vita izay nataony dia iny izy no tsy hita !

***Rajepa***



*Ny fankalazana ny andro iraisam-pirenena ho an'ny tanora tany Morondava.*

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, LW

**Fanompoam- pivavahana tao amin'ny FJKM AMBATONAKANGA, ho fitsofandrano ny ONG ARAKE Andao Hiaraka amin'ny asa sosialy ataoiny**













**Mitohy hatrany ny fidinana ifotony tanterahan' ny avy amin'ny antoko Tim Mahajanga, ho fanetsiketsehana sy fametrahana paikady iatrehana ny fifidianana. Taorian'ny tany Mitsinjo dia tany Marovoay faritra Boeny ihany izy ireo.**









## NY TENY FIAINANA

*"Ny ozon'i Jehovah dia ao an-tranon'ny ratsy fanahy; fa ny fonenan'ny marina dia tahiny kosa."*
***Ohabolana 3:33***

**Afon'ny Lalaon'ny Nosy**

# Anjaran'i Toliara ny zoma izao

Anjaran'i Toliara indray izao amin'ny zoma 18 aogositra 2023 ho avy izao, no handray ny fandalovan'ny Afon'ny Lalaon'ny Nosy any amin'izy ireo, taorianan'ny nandraisan'Antsiranana azy tamin'ny sabotsy lasa teo sy Mahajanga tamin'ny alahady 13 aogositra 2023. Efa ao anatin'ny fanomanana tanteraka an'izany ny vahoaka ao amin'ity tanàna ity ankehitriny, ka efa tsindrian-daona be ihany ny rehetra. Mariha fa i Fianarantsoa indray no handray an'ity Afon'ny Lalaon' ny Nosy ity amin'ny sabotsy 19 aogositra ho avy izao ary i Toamasina amin'ny alahady 20 aogositra 2023 mialohan'ny hahatongavany eto Antananarivo amin'ny alarobia 23 aogositra ho avy izao.



*Afon'ny Lalaon'ny Nosy tany Mahajanga.*

***Rainilita***

**Delegasiona hiatrika ny Lalaon'ny Nosy 2023**

# Be noho ny Malagasy ny Maorisiana sy Renioney

Be noho ny Malagasy ny Maorisiana sy Renioney handray anjara amin'ny lalaon'ny Nosy hatao eto amintsika. Fantatra ankehitriny fa be noho ny athleta Malagasy ireo athleta Maorisiana sy Renioney handray anjara amin'ny Lalaon'ny Nosy andiany faha-11 hotontosaina eto amintsika hanomboka amin'ny zoma 25 aogositra 2023 ho avy izao, fa raha manodidina ny 450 isan'ny athleta Malagasy hiatrika an'izany dia hahatratra 458 ny isan'ireo athleta Maorisiana ary hahatratra 452 isa kosa ny an'ny Renioney. Marihana fa miisa 19 ny taranja hifaninanana amin'ity JIOI 2023 ity amin'ny ankapobeny, ka efa maro ireo delegasiona tonga eto Antananarivo ankehitriny.




***Rainilita***

**Mpitantana ny Cospn Basketball**

# Hanomanana fatratra ny "Road to BAL"

Hanomanana fatratra ny fifaninanana basikety « Tournoi international Panafricain Road to BAL (Basketball Africa League) », izay vinavinaina hatao amin'ny 01 ka hatramin'ny 08 oktobra 2023 amin'ny maha-tompondakan'i Madagasikara 2023 sokajy N1A azy, ny ekipan'ny Cospn Basketball, hoy ny tompon'andraikitra ao aminy izay nanao valandresaka hoan'ny mpanao Gazety tetsy amin'ny Ministeran'ny Filaminam-bahoaka Anosy tamin'ny fiandohan'ity herinandro ity, ka notronin'ny FMBB. Fantatra fa hikarakara fitadiavam-bola hoenti-manana an'izany fanomanantenan'ny Cospn izany ireto mpitantana ao aminy ireto, ka hisy hetsika fivarotana «tee-shirt », « casquettes » , « jogging COSPN » ary koa fikarakarana «Soirée de levée de fond » ho tanterahina amin'ny 23 septambra 2023 ho avy izao eny amin'ny "Espace ANDY Bypass". Tamin' io fotoana io ihany koa no niantsoan-dry zareo tompon'andraikitra ireto ihany an'ireo mpanohana sy mpitia baskety, mba hiaradalana amin'ny COSPN, amin'ny maha Klioba solontenan' i Madagasikara azy hiatrika an'io " ROAD TO BAL" io. Nambara tetsy Anosy ihany koa fa mandeha ankehitriny ny fifampiresahana ataon'ny FMBB amin'ny tompon' andraikitra afrikana ny hanatanterahana an'io dingana voalohany io eto Madagasikara.




*Ny mpitantanana ny klioba Cospn Basketball sy FMBB.*

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Fromage de tête : lohan-kisoa indray, no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary karaoty miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Ambinanidilana distrikan'i Mahanoro faritra Atsinanana

Ny tanànan'Ambinanidilana distrikan'i Mahanoro faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany, tao aorian'ny fampahafantarana ireo tanàna 17 renivohitry ny kaominina 17 any amin'ny distrikan'i Brickaville. Ireo tanàna amin'ny kaominina miisa 11 any amin'ny distrikan'i Mahanoro indray, no ampahafantarina anao manomboka androany. Ny tanànan'Ambinanidilana distrikan'i Mahanoro faritra Atsinanana dia renivohitry ny kaominina Ambinanidilana. Vokatra any ny lavanila, ny jirofo, ny dipoavatra, ny kanelina, ny vary, ny voankazo toy ny letchi, ampalibe, ny manga, ny soanambo. Misy mpanjono ihany koa ny mponina any an-toerana.



## TONONKALO

### MPANAO AFERA MIANAKAVY

Mpanao afera mianakavy no ao anaty fitondrana.
Efa hifarana ny dia , mitohy anefa ny hadalana.
Tena re nanakoako ireo aferam-bolamena,
Saingy hatreto tsisy tohiny ka dia mampanongo tena !

Tamin'ny herinandro izao dia heno indray fa hoe voatana
Ny olobe anankiray izay ao anaty fitondrana.
Toa fanaovan-drisoriso , kolikoly indray no nisy,
Ireny anefa tena sehatra tsy andeferan'ny anglisy !

Ny tsy fantany dia hoe hatretsy Ivato ihany anie
No hahafahany manao ireo hagegena marobe,
Fa ny any Eoropa sy Amerika , tsy voavidiny intsony,
Sady tsy azony baikoina mba hanao ny sitrapony !

…Asa indray izay mbola ho tohiny f'efa ho tapitra ny lera.
Hikombona amin'izay ny vava sa dia mbola hihoerahoera ?
Raha ny fofona miely, tena maimbo sy masiso
Saingy toa tsy mety tapitra ny fanaovan-drisoriso !

Mpanao afera mianakavy no ao anaty fitondrana.
Tena hainy ny mandeha ery ambonin'ny lalàna.
Saingy kosa misy fetra izany fomba ratsy izany,
Fa tsy ho ela dia hifarana ny hagegeny sy hadalany !

***DADAN'i ZINA (14-08-23)***

FAKON'ANTANANARIVO

# Toa atao fampielezan-kevitra alohan'ny fotoana

Hafa kely ireo mpanao politika Malagasy eto amintsika rey Olona a ! Raha toa ka ny fikatsahana izay hampandroso ny firenena sy ny hampiadam-pinaritra ireo Vahoaka monina ao aminy no tanjon'ny fanaovana politika ho an'ny firenena hafa dia ny mifanohitra amin'izany ny an'ireo mpanao politika teratany malagasy. Ny hameno ny paosiny hatrany, ny hamita-bahoaka tsy misy fiafarany, ny hampanentana volana aman-kintana tsy ho azo ary ny ronono an-tavy miseho amin'ny endriny marolafy lava izao. Ireo no mibahana ao an-tsain'izy ireo amin'ny fanaovana ny politika. Izao indray tokoa mantsy dia atao fitaovana politika hambaboana ny fon'ireo « Mpifidy » ny fako miavosan'Iarivo. Gaga sy talanjona ny rehetra fa dia ireo « mpanao politika » no milingilingy mandraoka ny ampahany amin'ireo fako. Angaha moa tsy andraikitra sy adidin'ireo eo anivon'ny fiadidiana ny Tanànan'Antananarivo no manala ny fako ? Ny fanairana sy ny fanerena mihitsy ireo tomponandraikitry ny Kaominina Antananarivo renivohitra, araka izany, no tokony hataon'ireo mpanao politika haingana, fa tsy ny fiantsoana ireo mpisehatra amin'ny haino vakijery isehoana amin'ny vahoaka Malagasy, fa miahy ny fahasahiranambahoaka izy ireo. Mihevitra ny Malagasy ho bado sy zaza vao minono mandrakariva ve ianareo mpanao politika malagasy ireto sa efa « jamba » sy « mamba » loatra ny seza, ny fahefana, ny vola ary ny voninahitra koa tsy mahatsiaro tena intsony fa efa tena « mampihomehy » ary mihoatra ny mety ny ataonareo e !



*Efa ho tendrombohitra kely mihitsy ny fakon'ny ben'ny tanàna Vazahabe.*

Mila tonga saina Ramalagasy indrindra amin'izao ankatoky ny fifidianana izao, amin'ny fisafidianana izay hitondra ny firenena. Aoka izay ry « mpanao politika » Malagasy ny fampiasana ny fahoriam-bahoaka sy ny fijaliany ho fitaovana fikatsahana fahefana ahafahana mangeja sy mampitondra Zioga mavesatra bebe kokoa indray azy ireo izay efa lanaky ny fahantrana sy ny fahasahiranana lalina vokatry ny fampiasanareo ny « politika » ho fitaovana fitadiavana tombontsoa ho anareo sy ny Akamanareo ary ny fianakavianareo. Raha tena « mpanao politika matihanina » ianareo dia ny hampandroso ny firenena anatin'ny firindrana sy ny filaminana ary ny firaisankina no katsahana sy ampiasana ny fahaizanareo fa tsy ny fanabadoana sy ny fambotriana ny Malagasy, mba hahazoana tombontsoa miavosa ho an'ny tena manokana sy ny fianakaviana ary ireo namana. Andriamanitra tsy andrinareo manko ho andrin'ny vahoaka malagasy hatrany e ! Ankoatry ny fampiasana ny fako ho fitaovana politika dia efa tazana ihany koa ny fizarana vary, ny fampilendalendana ny « Lalaon'ny Nosy » izay ambara ombieny ombieny fa ho raitra sy hamirapiratra tokoa. Tsy ny maha fifaninanana ara-panatanjahatena azy intsony, araka izany, no tazana fa ny fampiasana azy ho « fampielezan-kevitra mialoha ny fotoana ». Mila manaraka akaiky ny raharaham-pirenena isika mianakavy izay ambara fa « Valalabemandry » mba tsy ho viravirain' ireo mpanao politika lava izao ka ho valaky ny sangodim-panina politika tsy misy fiafarany. Ny Vahoaka hatrany tokoa mantsy no ho tompon'ny teny farany raha toa ka mahay mandray andraikitra fa tsy ho mpitazana lava izao fotsiny izay rehetra mitranga eto amin'ny firenena. Saino lalina ny hoavin'ny taranakao ry Malagasy !

***Lalasoa Razafindrakoto***

Tompondaka Nasionalin'ny baolina kitra sokajy D2

# Tapitra tamin'ny alahady ny dingana voalohany

Tapitra tamin'ny alahady 13 aogositra 2023 teo ny dingana voalohany (Phase 1), amin'ny fifaninanana baolina kitra “Champion's League Malagasy - Championnat National D2, 2023” . Tany Ambanja : As Vanilantsika SAVA 2 - 2 AS Justice SOFIA, Zoya FC BOENY 2 - 1 Espoir BETSIBOKA, KFCA DIANA 3 - 0 FIVE FC. Tany Toliara : FC MENANARA Atsimo Antsinanana 3 - 1 FC VERT BLANC Anosy, JSA LEVEL Ihorombe 0 - 0 FC JM Androy, TSARAOFANA Matsiatra Ambony 0 - 2 GJFT BETANIA Atsimo Andrefana. Tany Ambatondrazaka : FCA Analanjirofo 0 - 10 FC Rouge Analamanga, FCT Itasy 1 - 1 TGBC Atsinanana, 3FB Alaotra Mangoro 0 - 0 AS3A Amoron'i Mania. Tany Tsiroanomandidy : FC INATE Vakinankaratra 4 - 1 LEADER Menabe, MTM Melaky 1 - 5 FC ZANAGASY V7V, Jet BONGOLAVA 3 - 3 AS JFC. Marihana fa ireo ekipa telo voalohany isaky ny “Site” no miakatra amin' ny dingana faharoa manaraka amin'ity fifaninanana ity, izay hotanterahina amin'ny 8 ka hatramin'ny 17 septambra 2023 ho avy izao dia ny Fc Zoya Boeny, ny Kfca Diana, ny Espoir Betsiboka, ny 3Fb Alaotra Mangoro, ny Tgbc Atsinanana, ny As 3a Amoron'i Mania, ny Gjft Betania Atsimo Andrefana, ny Fc Jsa Level Ihorombe, ny Fc Jm Androy, ny fc Inate Vakinankaratra, ny Jet Bongolava ary ny As Jfc.



*Kitra D-2 Nasionaly.*

***Rainilita***

Coupe du Monde des Orphélinats Pologne 2023

# Nahazo ny amboara " fair play team " ny ekipa Malagasy

Nahazo ny amboara " fair play team " ny ekipa Malagasy : Ankizy kamboty tezaina ao amin'ny Akany Avoko Ambohidratrimo, Bevalala, izay nisolotena an'i Madagasikara tamin' ny fifaninanana « Coupe du Monde des Orphélinats 2023 », natokana hoan'ny zatovo lahy sy vavy latsaky ny 17 taona natao tany Pologne, ka nandraisana firenena mi-isa 26 anjara. Ekipa mendrika indrindra manerantany tamin'ny " fair play "ity ekipa Malagasy ity na dia mpilalao latsaky ny 13 taona avokoa aza no nandrafitra ny ekipan'ny Akany Avoko Ambohidratrimo, Bevalala tamin' izany. I NARINDRA Tahiriniaina: voafidy ho mpilalao baolina mahay mifaly sy mahay mankafy indrindra : "happiest player ".

***Rainilita***



*Ekipa Malagasy tany Pologne.*

Fiangonana « FFV »

# Mifaka amin'ny fampianaran'ny Baiboly

Efa-taona katroka no nijoroan'ny Fiangonana « Fitiavana Fanahy ho Vonjena » na « FFV », izay manana ny toeram-pivavahany etsy Mahavoky Besarety (Rihana voalohany Bricodis). Ny Pasitera Rakotoarisolo Faly, no angady nanananana sy vy nahitana ny « FFV ». Raha toa ka fandaharana tamin'ny Onjam-peo tsy miankina iray teto an-drenivohitra ny « FFV » tany ampiandohana, noho ny bitsikin'ny fanahy masina dia nijoro ho fiangonana hitondra ny asan'Andriamanitra lehibe izy ankehitriny.



*Ny Pasitera Rakotoarisolo Faly, namorona ny « FFV ».*

Ny fanafahana, faminaniana ary ny fanasitranana. Ireo no toko telo ifotoran'ny asam-pamonjen'ny fiangonana. Mifaka tanteraka amin'izay voasoratra anatin'ny Baiboly ny fanatanterahana izany, eo anivon'ny fiangonana « Fitiavana Fanahy ho Vonjena ». Ny fanapahankevitra hentitra ao amin'ny isam-batan'olona ho amin'ny fanantonana bebe kokoa hatrany an'i Jesosy kristy. Io no antoky ny hisian'ny fandresena ireo sakana miseho amin'ny endriny marolafy eo amin'ny fiainana, hoy ny Pasitera Rakotoarisolo Faly. Tsy mitsaha-miseho eo anivon'ny « FFV » ny voninahitr'Andriamanitra toy ny malemy nitsangana, Olombelona gejain'ny tsy fahombiazana eo amin'ny asa fihariana afaka tamin' izany. Ireo aretina toy ny « Homamiadan'ny nono » efa nahalany haiky ireo mpitsabo tojo fahasitranana tanteraka rehefa nanapa-kevitra ny hiorina tanteraka amin' ny finoana an'Andriamanitra tokana olona telo. Andalana hoamin'ny fanapraiahana ny fiangonana manerana ny Nosy ankehitriny ireo mpitarika eoanivon'ny « FFV ». Misantatra izany ny fametrahana ny fiangonana any Antsirabe sy Anjozorobe. Marihana fa efa ahitana Evenjelisitra novolavolaina teo anivon'ny « FFV » ihany koa any Frantsa. Ho an'ny fiangonana Fitiavana Fanahy ho Vonjena, tsy afa-misaraka, ny fanabeazana ny vatana, saina ary ny fanahy. Misy, araka izany, ireo sehatrasa (Fanampiana ireo sahirana, fitaizana ny tanora, sns) sy fotoam-pivavahana ary fifadian-kanina izay samy mikendry avokoa ny fanabeazana ho « Olom-banona » matahotra an'Andriamanitra.

***Lalasoa Razafindrakoto***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 05/07/2023 hatramin'ny 12/08/2023**

- **MIARO** (Galerie Aro Ampefiloha) 020 79 621 18 / 032 05 224 32
- **OCEAN INDIEN** (Analakely avenue de l'indépendance) 034 05 224 70 / 032 11 224 70 / 033 05 224 70
- **METROPOLE** (Antaninarenina) 020 22 200 25/020 22 675 22/033 15 200 25/032 07 101 71
- **GISELE** (Ambodivonikely Anosivavaka Ambohimanarina) 020 23 617 59/034 10 302 42
- **ANDRAVOAHANGY** (Andravoahangy près Epi d'or) 020 22 245 12/038 22 245 12

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1462-08-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### ANTSO FIARAHAMONINA KRISTIANA (AFK)

# Ny Malagasy ihany no afaka hanavotra ny firenena malagasy

Teny matetika nivoaka teo anivon'ny fiaraha-monina na teto amin'ny firenena ny hoe « Fiandrianam-pirenena ». Mazava loatra, fa noho ny fisian'ny fizakan'ny filoham-pirenena ny zom-pirenena frantsay no nampararesaka be io teny io. Ny fiandrianam-pirenena no maha izy azy ny firenena isehoany fa firenena afaka sy mahaleotena tokoa ilay firenena na tsia. Raha voatohintohina io, dia tsy tomombana ny fiandrianam-pirenena. Tsy eo amin' ny fizakana ny zom-pirenena hafa ihany anefa no mahatohintohina ny fiandrianam-pirenena, fa na ny fiankinan-doha amin'ny hafa ihany koa, toy ireo mpamatsy vola avy any ivelany izany. Mitàna toerana lehibe amin'ny fitantanana eto amin'ny firenena ny famatsiambola avy any ivelany, hoentin'ny fitondrana miasa, ary voalaza fa tonga hatrany amin'ny manodidina ny 70% izany. Miankin-doha tanteraka amin'ny any ivelany araka izany ny fitondrana malagasy amin'ny fitantanana ny firenena, ary mandrorona ny asa ataony raha tapaka io famatsiambola io. Efa niseho ny santionany izany tao anatin'ny tetezamita farany teo ary nisy fiantraikany lalina tany amin'ny toekarena malagasy izany toe-javatra izany.
Anisan'ny nambara sy novoizin'ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK), fa ny hany lalana mahomby hanalàna ny firenena ao anatin'izao fahantrana lalina misy izao, dia tsy misy afa-tsy isika Malagasy ihany. "Toy ny ao anaty sambo iray tojo olana arateknika mihitsoka any afovoandranomasina, tapaka ny fifandraisana ahazoana miantso vonjy, ka tsy misy afa-tsy ireo olona sy indrindra ireo ekipazy ao anatiny ihany no afaka hitady vahaolana amin'izany", hoy ny filohan'ny AFK, raha nanao ohatra mazava momba ny tranga Madagasikara izy. Amin'ny herin'ny tenantsika ihany, fa tsy iankinana amin'ny hafa ny famonjena an'i Madagasikara. Ny olom-pirenena ihany no afaka hanome vahaolana momba izany. Anisan'izany ity Vovonana ity, izay afaka manolo-tanana sy mitondra ny anjara biriky momba izany. Ny andrasany fotsiny sisa dia ny fanapahan-kevitry ny olompirenena sy ny fahasahiany hijoro marina handray andraikitra ka hiara-hientana aminy. Tsiahivina hatrany, ny AFK, dia tsy fiangonana ary tsy manao politika. Ny fifandraisana: 034 17 460 53.

*Aris*

### Federasiona Dabarà

# Tafapetraka ireo mpitantana vaovao


*Ireo manam-pahefana, nanatrika ny fifidianana momba ny fitantanana an'i Dabarà.*


Ny talata 15 aogositra no vita ny fifidianana izay hitantanana ny lakandranon'i Dabarà, tao amin'ny trano malalaky ny kaominina ambanivohitra Analaiva faritra Menabe, izay notronon'ireo solontenam-panajakana, notarihan'ny Préfét an'i Morondava, niaraka tamin'ny talem-paritry ny fambolena sy fiompiana. Nilamina ny fifidianana na dia nisy nangataka ny fanemorana aza, tsy nisy ny lisi-pifidianana vita nialoha, fa ny fanamarinam-pahatongavana no natao lisi-pifidianana, nefa raha ny volazan'ny statut dia olona solontena 33 isaky ny zone 4 izay mandrafitra ny federation no mifidy, saingy tsy izay no nisy fa dia izay zone tonga tao no nanolotra olona 33 ka tsy nisy tonga ny avy amin'ny zone Delta, fa nilaza fa tsy naheno ka dia nangataka famerenana ny solontenan'izy ireo, saingy tsy nahazo valiny mahafa-po, ka lany nandritra ny fifidianana hitantana an'i Dabarà Andriamatoa Bia Velson ary Randriamanampisoa André no filoha lefitra. Nilaza moa ny talem-paritry ny fambolena sy fiompiana fa vita ny fifidianana, ka manomboka eto dia tomponan'andraikitra feno izy ireo, fa tantsoroka sisa no ataon'ny fanjakana, ka hisy ny fampiofanana ireo biraon'ny federation, mba hahay ny tokony hataony mba tsy hisian'ny olana teo aloha, eo koa anefa ny fanaraha-maso ataon'ny fanjakana. Nilaza moa ny filoha vaovao izay hitantana ny tambazotra Dabarà ity fa tsy mora ny fitantanana an'i Dabarà fa mila manaja rafitra izay mipetraka ny mpamboly amin'ny fizarana rano, ka hisy koa ny ezaka ataon'ny federation amin'ny fambolena hazo izay hiarovana ny vavarano tsy ho tototra ary ho fisintonana orana, satria tsy ampy zaraina intsony ny rano misy ankehitriny. Velaran-tany mirefy 12.000 Ha no tondrahan'ity vavarano ity, izay misedra olana sy hatao fitaovana polotika isaky ny fifidianana hoe amboarina i Dabarà nefa hatramin'izao dia tsy mety vita fa dia ny mpamboly no lasa miady rano lava. Ho avy indray izao ny fifidianana dia hoe hamboarina indray i Dabarà nefa hatramin'izay tsy hita hoe aiza ny fanamboarana ny asa vonjy maika natao farany teo dia toa fandaniam-bolam-panjakana fotsiny, fa tsy hita izay vokany ka asa rahoviana vao ho vita ity lakan-drano izay manondraka ny sompitry ny fambolena ato Menabe ity.

*Rajepa*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 441**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0440)

**Mitsivalana**
- Fahotana
- Avela (miv)
- Renirano
- Ahy (miv) – Ar
- Ta – Ako
- Nisava (miv)
- Anay – Iva

**Mitsangana**
- Faritra
- Aleha
- Hena – AA
- Ovy – Avy
- Tarika
- Osy
- Nana – IV
- Orona

## TENY MIFANAPAKA N° 441




**Mitsivalana**

**1.** Loka sy amboara izay zaraina *2.* Bengy – Fanontaniana **3.** Finoana **4.** Toby fianarana – Karazana sazy **5.** Tampisaka – Mailo, mahina, mandamin-tsaina **6.** Mpisolo tena (miv) – Lehilahy **7.** Isa omena **8.** Karazam-by (miv) – Natoky **9.** Taova – Satria – Ariary **10.** Mari-drefy – Haja sy voninahitra – Renirano

**Mitsangana**

**A.** Vahoaka ao amin'ny fokontany **B.** Raharaha izay atao – Zanak'i Dada – Tsy sarotra (BR) **D.** Nandeha soavaly sy moto **E.** Ao amin'ny boky – Simba sy masiso **F.** Tsy mikorontana **G.** Marika – Mitempo **H.** Olona be taona **I.** Vizana – Marikandro **J.** Mampisafidy – Mitsako (BR) **K.** Fanadinana – Mahantra

### Valiny Teny mifanaraka 0440

**Mitsivalana**

1.Matoanteny 2. IF - Aloa (miv) 3. Notolorana 4. OM - Vato (miv) 5. Sambava - Ao (miv) 6. Penina 7. Taolana - IA 8. RN - Osa - DDT 9. Adinony - Ro (miv) 10. Ahitana

**Mitsangana**

A Minisitra B. Afo- (M)ando D. Tompo E. Olombelona F. Hosana (miv) G. Nao - Vinany H. Toroana - Ti (miv) I. Tale (miv) J. Nanao - Nody (miv) K. Avaratra

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny fankalazana ny faha-4 taonan'ny RMDM, ny alakamisy 10 aogositra lasa teo, tao Bel'Air Ampandrana.**











**Ny filoha Marc Ravalomanana, filoha nasionalin'ny antoko TIM, tany Arivonimamo faritr'Itasy ny zoma lasa teo.**





